Intime : qui est au plus profond de quelqu'un, de quelque chose, qui constitue l'essence de quelque chose et reste généralement caché, secret.

Matériaux : substance quelconque utilisée à la construction des objets, machines, bâtiments, etc.

Matériel : ensemble des objets, des instruments utilisés dans un contexte précis.

Mousse : plante, sans fleurs ni racines, formant un tapis de courtes tiges feuillues serrées les unes contre les autres.

Prédiction : action d'annoncer par avance, de prédire l'avenir ; discours annonçant des évènements futurs.

Stimulus : cause externe ou interne capable de provoquer la réaction d'un système excitable, d'un organisme vivant.

Sublimation : passage d'un corps de l'état solide à l'état gazeux.

Toxicité : propriété d'une substance qui peut empoisonner un organisme vivant.

Umami : l'umami est la cinquième saveur détectée par la langue, après le salé, le sucré, l'acide et l'amer. C'est un goût plaisant, proche du sucré.

TANTARA

ZAVA-KENDREN'NY FANDAHARAM-PIBEAZANA

Ny fampianarana sy ny fianarana ny tantara dia manampy ny mpianatra mba :

- hampivelatra ny fisainana amin'ny fanadihadiana ny tantara sy hampihatra ny lalan-tsaina ara-tantara amin'ny lohahevitra sy vanim-potoana samihafa.
- hampitombo ny fahalianana sy hanatsarana ny fahaiza-mandinika ny olana ara-tantara, mba hahafahana mamantatra ny lasa, manazava ny ankehitriny, ary manatsara ny ho avy.

FANDAMINANA ARA-PEDAGOJIA ANKAPOBENY

Lohahevitra enina no hianarana amin'ity T4 :

- Ny habaka sy ny fotoana
- Ny taona sy ny taon-jato
- Ny fampidirana ny fianarana tantara
- Ny vanim-potoanan'ny tantaran'i Madagasikara
- Ny fiavian'ny malagasy
- Ny vakoka sy harem-pirenena eto Madagasikara

FITARIHANA ARA-PEDAGOJIA ANKAPOBENY

Ny fandaharam-pibeazana dia ahitana torolalana pedagogika izay ampiasain'ny mpampianatra ho ohatra ihany amin'ny fanantanterahana ny sahanasa. Ampirisihina ihany koa izy ireo hamoronana ka hampifanaraka izany torolalana izany amin'ny zavamisy any an-toerana.

Ny fomba fampianarana ny Tantara dia mifantoka amin'ny mpianatra ary mikendry ny :

- hanampiana azy hanorina ny fahalalany sy ny fahaizany manokana
- hamaly fanontaniana na hamaha olana ara-tantara
- hampihatra ny lalan-tsaina ODAS (Observation Description Analyse Synthèse : fandinihana, fanoritsoritana, fanadihadiana, famintinana) sy ny lalan-tsaina ara-tantara.

Amin'ireo lalan-tsaina ireo dia ampirisihina ny mpianatra mba :

- hampiasa sy hanome lanja ireo loharano ara-tantara voalohany (sources primaires)
- hamantatra ny fitohizan'ny tantara sy ny fiovana eo amin'ny fiarahamonina
- handalina ny antony sy ny vokatra marolafy amin'ny tantara
- hanana fomba fijery ara-tantara
- hampifanaraka ny fahalalana efa azony tamin'ny kilasy teo aloha na amin'ny fiainana andavanandro.

Ny taranja Tantara dia manome vahana ny mpianatra hampiasa ireo loharano ara-tantara toy ny tahirin-kevitra isan-karazany, lahatsoratra, sary, horonantsary, ary ny lovan-tsofina, mba hanampy azy ireo handinika ny zava-misy ara-tsosialy sy hanana fahaizana mampiasa ireo fitaovana mifanaraka amin'izany.

Ny mpampianatra no mpandrindra, mpanohana, mpitari-dalana, mpanampy, ary mpanentana mandritra ny dingana rehetra amin'ny fampianarana. Tokony hotahirizina an-tsoratra ny vokatry ny asan'ny mpianatra mba hamintinana ireo torohay na antontam-baovao mikasika ireo lohahevitra notrandrahina niaraka tao an-dakilasy mba hanamora ny fanangonana sy fanasokajiana azy ireo.

LANJAN'ORA : 1 ora isan-kerinandro.

VOKA-PIANARANA ANKAPOBENY

VPA	Voka-pianarana ankapobeny
VPA 1	Maneho ny toetra mampiavaka ny vanim-potoanan'ny tantara amin'ny fampiasana ireo fomba fanehoana ny fotoana sy ny habaka.
VPA 2	Mitrandraka sy mandrafitra indray ny sisa tavela na ny dindon'ny lasa amin'ny alalan'ireo loharanon'ny tantara.
VPA 3	Maneho hevitra mikasika ny zava-misy ara-piaraha-monina.

FAFAN'NY VOTOATINY

LOHAHEVITRA	VOTOATINY
NY HABAKA SY NY FOTOANA	● Ny habaka ● Ny tontolo ● Ny tontolo voajanahary ● Ny tontolo nohajariana ● Ny fiarahamonina ● Ny andro ● Ny herinandro ● Ny volana ● Ny taona ● Ireo voambolana mikasika ny fotoana
NY TAONA SY NY TAON-JATO	● Ny tarehimarika romana ● Ny tarehimarika arabo ● Ny taona sy ny taonjato
NY FAMPIDIRANA NY FIANARANA TANTARA	● Ny angano ● Ny toetoetrany ● Ny ilàna azy ● Ny tantara ● Ny toetoetrany ● Ny tombontsoa entin'ny fahaizana tantara
NY VANIMPOTOANAN'NY TANTARAN'I MADAGASIKARA	● Ny fandaharana ireo vanimpotoana nifanesy teo amin'ny tantaran'i Madagasikara. ● Ny nahazoana ny anarana "Madagasikara" ● Ny vanimpotoana lehibe nifandimby teo amin'ny tantaran'i Madagasikara
NY FIAVIAN'NY MALAGASY	● Ny toerana niavian'ny Malagasy voalohany ● Ireo fitaovampifamoivoizana nampiasain'ireo mpiavy voalohany tonga teto Madagasikara ● Ireo faritra niantsonan'ireo mpiavy teto Madagasikara ● Ny vanimpotoanan'ny fifindramonin'ny razamben'ny Malagasy ● Ny fomba amampanaon'ny mpiavy razamben'ny Malagasy ● Ny mponina voalohany tonga teo amin'ny faritra misy azy ● Ny toebatana sy ny fiteny ary ny fiainan'ireo mponina voalohany teto Madagasikara.
NY VAKOKA SY NY HAREMPIRENENA ETO MADAGASIKARA	● Ny vakoka ● Ny karazany ● Famaritana ● Ny harempirenena ● Ny karazany ● Famaritana ● Ny tombontsoa azo amin'ny fitandroana ny vakoka sy ny toerana manantantara ary ny harempirenena

Fahendrena voizina : fahaiza-mandamina sy ny fanajana ny fotoana
Lanjan'ora : ora 4

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Mampiasa ireo voambolana mifandraika amin'ny habaka	● **Ny habaka** - faritra na velarana malalaka, - faritra iainana, ivelomana, anehoana ny fisiana ● **Ny tontolo** - faritra na toerana iainana na isian-javatra, - hita maso na tsia, misy fiantraikany eo amin'ny olona tsirairay sy ny fiarahamonina ● **Ny tontolo voajanahary** - faritra na toerana misy ireo zavaboary ● **Ny tontolo nohajariana** - faritra na toerana efa niasan'ny olombelona toy ny tanàna	***Sahanasa*** Tarihina ny mpianatra : - hijery sy handinika ny zavamisy ivelan'ny lakilasy - hitanisa ireo izay hitany ivelan'ny lakilasy: toeram-pambolena, vohontany, tanàna... na hanadihady tahirin-kevitra - hanasokajy ireo kasinga voajanahary mandrafitra ny habaka sy izay nohajariana izay hitany eo ivelan'ny lakilasy - hisintona avy amin'izany ny famaritana ny tontolo voajanahary sy ny tontolo nohajariana - hamintina avy amin'ireo hevitra nivoitra ireo ny lesona - hamaritra ny atao hoe habaka ***Tetika amam-paika*** - Asa an-tarika - Fijerevana sy fandinihina ny zavamisy manodidina ny sekoly - Fampiasana tahirin-kevitra na sary na saritany arahina fifanan-kalozan-kevitra ***Fitaovana*** - Tahirin-kevitra - Horonan-tsary mihetsika - Sarintany - Sary maneho ireo karazana tontolo
Tombana ● Manoritsoritra ny atao hoe habaka, tontolo, tontolo voajanahary, tontolo nohajariana ny mpianatra ● Manavaka ny tontolo voajanahary amin'ny tontolo nohajariana ny mpianatra ● Mampiasa ireo voambolana mifandraika amin'ny habaka ny mpianatra		

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Mampiasa ireo voambolana mifandraika amin'ny fiarahamonina.	● **Ny fiarahamonina :** fitambarana vondron'olona miara-miaina ao amin'ny faritra iray fehezin'ny lalàna iombonana, manana tombontsoa iraisana.	***Sahanasa*** Tarihina ny mpianatra : - handinika sary maneho fiarahamonina iray - hamoaka ny famaritana ny antsoina hoe : fiarahamonina - hamaritra ny antsoina hoe : ►fiarahamonina eo anivon'ny ankohonana (ray aman-dreny, zanaka)

		►fiarahamonina ao an-tsekoly (mpampianatra sy mpianatra) ►fiarahamonina ao an-tanàna (ireo mpiray tanàna) - hanoritsoritra ny sary hitany - hamintina ny zavatra notanisainy sy nosoritsoritiny - hamaritra ireo voambolana mifandraika amin ny fiarahamonina. - hamaritra ny atao hoe fiarahamonina ***Tetika amam-paika*** - Fanoritsoritana sary - Asa an-tarika - Fifanakalozan-kevitra ***Fitaovana*** - Sarim-pianakaviana - Sarin'ny mpiara-mianatra - Sarin'ny mpiray tanàna
Tombana ● Mitanisa ny karazan'olona hitany eo amin'ny sary ● Mamaritra ireo voambolana mifandraika amin ny fiarahamonina ny mpianatra ● Manavaka ny atao hoe fiarahamonina eo anivon'ny fianakaviana sy ny fiarahamonina ao an-tsekoly ary ny fiarahamonina ao an-tanana ny mpianatra		

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Mampiasa araka ny tokony ho izy ny voambolana mikasika ny fotoana	● **Ny andro** maraina, atoandro, hariva, alina ; ny faharetan'ny ora ao anatin'ny iray andro (24 ora).	***Sahanasa*** Tarihina ny mpianatra : - hitantara izay ataony mandritra ny tontolo andro - hiresaka ny fandaharam-potoana any an-trano - hitrandraka ny fandaharam-potoana an-dakilasy ***Tetika amam-paika*** - Fifandimbiasam-pitenenana - Asa samirery - Fifanakalozan-kevitra - Fanontaniana/ valiny - Fitrandrahana firizy ***Fitaovana*** - Fandaharam-potoana an-dakilasy - Firizim-banim-potoana
	● **Ny herinandro** Ny anaran'ny andro fito mandrafitra ny herinandro : alatsinainy, talata,alarobia , alakamisy, zoma, sabotsy, alahady	***Sahanasa*** Tarihina ny mpianatra : - hiresaka izay sahanasa ataony mandritra ny herinandro mba hamoahana ny fandaharam-potoanany - samy handrafitra ny fandaharam-potoanany ao anaty firizy - hanazava ny fandaharam-potoanany

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
		- hampitaha ny firizy mikasika ny fandaharampotoanan'ny olona iray mandritra ny herinandro - hamintina izay voaresaka ***Tetika amam-paika*** - Asa samirery - Fifanakalozan-kevitra - Fanontaniana/Valiny ***Fitaovana*** - Fandaharam-potoana an-dakilasy sy an-trano - Firizy
	● **Ny volana** - Ny anaram-bolana mandrafitra ny taona iray - Ny isan'ny andro mety ho hita ao anatin'ny volana	***Sahanasa*** Tarihina ny mpianatra : - hamaky sy handinika kalandrie ary hanondro ny vaninandro nahaterahany - hanoratra eny amin'ny solaitrabe ny vaninandro nahaterahany - hiara-hanisa sy hanasokajy ny isan'ireo mitovy volana nahaterahana ao an-dakilasy - hamantatra ny volana mitovy ny isan'ny andro ao anatiny. ***Tetika amam-paika*** - Asa an-tarika - Famantarana amin'ny alalan'ny vohon-tanana ny volana manana andro miisa 30 na 31 - Fifanakalozan-kevitra ***Fitaovana*** - Kalandrie - Firizy eny amin'ny solaitrabe
	● **Ny taona** Taona iray :12 volana ; 52 herinandro ; 365 andro na 366 andro	***Sahanasa*** Tarihina ny mpianatra : - hanoratra ny daty sy ny taona nahaterahany eny amin'ny solaitrabe - hanisa sy manasokajy ireo mitovy taona nahaterahana ao an-dakilasy izy ireo - hanamarina izany amin'ny alalan'izay voarakitra ao anatin'ny rejisitry ny kilasy - hiaraka handrafitra firizy eny amin'ny solaitrabe ka hametraka ny volana sy taona ao anatiny ***Tetika amam-paika*** - Asa samirery - Asa an-tarika - Fifanakalozan-kevitra ***Fitaovana*** Registry ny kilasy

	● **Ireo voambolana mikasika ny fotoana** **Ankehitriny** (androany, anio, amin'izao fotoana izao,…) **Ny lasa** (omaly, afakomaly, tamin'ny heritaona, …) **Ny ho avy** (rahampitso, amin'ny taona ho avy,…)	***Sahanasa*** Tarihina ny mpianatra : - hitantara ny ; ►zava-nitranga (omaly, tamin'ny herinandro, tamin'ny taon-dasa, tany aloha...), ►zava-mitranga (amin'ny andro itenenana) ►zavatra mety hitranga (rahampitso, amin'ny herinandro, amin'ny ho avy...) ►haneho amin'ny frizy ny zava-nitranga (efa lasa) sy ny zava-mitranga (amin'ny fotoana itenenana), ary izay mety hitranga amin'ny ho avy). ►hampivoitra ireo voambolana ireo voambola nivoitra nandritra ny sahanasa ***Tetika amam-paika*** - Asa an-tarika - Ady hevitra ***Fitaovana*** - Lahatsoratra - Fandaharam-potoanan'ny mpianatra
Tombana ● Mamaritra ny andro, ny herinandro, ny volana, ny taona, ny taonjato ny mpianatra ● Mampiasa ny voambolana mifandraika amin'ny fotoana amin'ny fiaianana andavanandro ny mpianatra ● Mandrafitra tetiandron-tsahanasa ny mpianatra ● Mamaritra ny andro, ny herinandro, ny volana, ny taona, ny taonjato ny mpianatra		

NY TAONA SY NY TAONJATO

Fahendrena voizina : fahaiza-mandamina sy ny fanajana ny fotoana
Lanjan'ora : ora 1

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Mamadika ny tarehimarika arabo ho tarehimarika romana.	● **Ny tarehimarika romana** - I-II-III-IV-V-X-XI-IVX-XV-XVI-XX-L-C-D-M ● **Ny tarehimarika arabo** 1-2-3-4-5-6-7-8-9-10-50-12-100-500. Ny tarehimarika arabo havadika tarehimarika romana. 1=> I 5=> V 15 => XV	***Sahanasa*** Tarihina ny mpianatra : - hanoratra tarehimarika arabo sy tarehimarika romana eny amin'ny solaitrabe - handinika sy hamaky izany - hamadika ho tarehimarika romana ny tarehimarika arabo sady manonona no manoratra - hamadika ho tarehimarika arabo ny tarehimarika romana, sady manonona no manoratra ***Tetika amam-paika*** - Asa an-tarika - Fifanakalozan-kevitra ***Fitaovana*** - Tarehimarika arabo - Tarehimarika romana

Tombana
- Manoratra sy mamaky tarehimarika romana ny mpianatra
- Mamadika ireo tarehimarika arabo ho tarehimarika romana ny mpianatra

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Mampifandray ny taona sy ny taonjato.	● **Ny taona sy ny taonjato** - Taonjato iray : 100 taona. - 1901 ka hatramin'ny 2000 : taonjato faha XX. - 2001 ka hatramin'ny 2100 : taonjato faha XXI.	***Sahanasa*** Tarihina ny mpianatra : - handrafitra firizim-banim-potoana eny amin'ny solaitrabe - hanondro eo amin'ny firizy eny amin'ny solaitrabe ny taona sy ny vanim-potoana iainana amin'izao fotoana izao ary asaina vakiny - hamadika ny taona iainana amin'izao fotoana izao ho taonjato - hanondro sy hamaky eo amin'ny firizy efa voaomana mialoha eny amin'ny solaitrabe ny taonjato sy ny vanim-potoana iainana amin'izao fotoana izao ***Tetika amam-paika*** - Fandinihina ataon'ny tsirairay ny firizy efa voaomana eny amin'ny solaitrabe - Fifanakalozan-kevitra ***Fitaovana*** - Firizim-banim-potoana - Kalendrie
Tombana ● Manoratra sy mamaky taona sy taonjato ny mpianatra ● Maneho amin'ny firizy ireo daty malaza mandritra ny taona ao anaty kalandrie ny mpianatra		

NY FAMPIDIRANA NY FIANARANA TANTARA

Fahendrena voizina : fivelaran'ny maha olona, fitiavana miezaka sy maneho zavatra tsara.
Lanjan'ora: ora 3

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Manavaka ny angano amin'ny tantara	● **Ny angano** - Ny toetoetrany ►nalaina tamin'ny zavamisy, dia niovaova arakin'ny taranaka nifanimby taty aoriana izany hoe mety noforonina, niseho tamin'ny fotoana tsy voafaritra sy toerana tsy voalaza	***Sahanasa*** Tarihina ny mpianatra : - hihaino amim-pahanginana angano - hamerina hamaky miadana sy milamina indray ilay angano - hiezaka hitadidy izay voalaza. - hamaly fanontaniana araka ny votoatin'ny angano izay avy novakiana - hilaza ny toetoetran'ny angano sy ny - hampivoitra ny ilana azy teo amin'ny fiarahamonina - haneho ny asany - hanadravona izay voalaza

	- Ny ilàna azy ►natao hisintonana anatra ho fitaizana sy ho fanabeazana ; natao hialana voly, hisarihana ny saina hanadihady sy hamakafaka.	***Tetika amam-paika*** - Fitantarana angano - Asa an-tarika - Fanontaniana/valiny - Fifanakalozan-kevitra ***Fitaovana*** - Angano - Andiam-panontaniana
	● **Famaritana ny atao hoe ” angano”**	***Sahanasa*** Tarihina ny mpianatra : - hametraka fanontaniana mikasika ny angano sy izay voambola tsy fantany - hitarika ady hevitra izy hamoahana ny toetoetra sy ny ampiasana ny “angano.” - hamaritra ny atao hoe ny « angano » miainga amin’ny hevitra nivoaka nandritra ny sahanasa teo aloha ***Tetika amam-paika*** - Tosa-kevitra - Fanampim-panazavana avy amin’ny mpampianatra ***Fitaovana*** - Angano - Andiam-panontaniana
Manavaka ny angano amin’ny tantara	● **Ny Tantara** - Ny toetoetrany ►Zava-nisy marina niseho teo amin’ny fiarahamonina, teo amin’ny faritra na teo amin’ny firenena iray eo amin’ny lafiny toekarena sy politika, voafaritra mazava ny toerana sy ny fotoan nitrangany, miova araka ny fotoana sy ny toerana isehoany. misy porofo ara-tantara. - Ny tombontsoa entin’ny fahaizana tantara	***Sahanasa*** Tarihina ny mpianatra : - hamaky lahatsoratra mba hahafahana mamoaka ny toetoetra sy ny ilana ny tantara ary ny tombontsoa entin’ny fahaizana tantara - hamaly fanontaniana zay efa voaomana mialoha mikasika ny tantara anaty fifampiresahana - haneho ny asany arahina fifanakalozan-kevitra - hamintina sy haneho hevitra mba hamoahana ny toetoetra sy ny ilàna ny tantara - hanasongadina ireo tombontsoa azo avy amin’ny fahaizana tantara ***Tetika amam-paika*** - Asa an-tarika - Fanontaniana/valiny - Fifanakalozan-kevitra ***Fitaovana*** - Lahatsoratra - Sary - Andiam-panontaniana

	● **Famaritana ny atao hoe Tantara**	***Sahanasa*** Tarihina ny mpianatra hamaritra ny tantara miainga amin'ny hevitra nivoaka nandritra ny sahanasa teo aloha ***Tetika amam-paika*** - Tosa-kevitra - Resadresaka ***Fitaovana*** Vokatry ny sahanasa teo aloha
Tombana ● Mitantara ny angano izay nohenoina na novakiana ny mpianatra ● Manasongadina ny toetoetry ny angano sy ny antony ilàna azy ny mpianatra ● Mandravona ny toetoetry ny Tantara sy ny tombontsoa azo avy aminy ary ny fampiharana azy eo amin'ny fiainana andavanandro ny mpianatra ● Mamaritra sy manavaka ny angano amin'ny tantara ny mpianatra ● Manasongadina ny Tantaran'ny tanàna, ny faritra na firenena misy azy ny mpianatra		

NY VANIM-POTOANAN'NY TANTARAN'I MADAGASIKARA

Fahendrena voizina : mankamamy ny tantaram-pirenena
Lanjan'ora : ora 2

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Mandahatra ireo vanim-potoana nifanesy teo amin'ny tantaran'i Madagasikara.	● **Fandaharana ireo vanim-potoana nifanesy teo amin'ny tantaran'i Madagasikara.** - Vanim-potonan'ny nahatongavan'ny Malagasy voalohany (talohan'ny taonjato faha V) ; - Fahafoko (taonjato faha V ka hatramin'ny taonjato faha XV) ; - Faha mpanjaka (1500-1896) ; - Fanjanahantany (1896-1960) ; - Fahaleovantena	***Sahanasa*** Tarihina ny mpianatra : - hitrandraka firizy na tahirin-kevitra ahitana ny vanim-potoanan'ny tantaran'i Madagasikara - hitanisa ireo vanim-potoanan'ny tantaran'i Madagasikara - handrafitra firizim-banim-potoana teto Madagasikara - handahatra ao anaty firizy ireo vanim-potoana nifanesy teo amin'ny tantaran'i Madagasikara ***Tetika amam-paika*** - Asan-tarika - Fanadihadiana - Fifanakalozan-kevitra ***Fitaovana*** Firizim-banim-potoana
	● **Ny vanim-potoana lehibe nifandimby teo amin'ny tantaran'i Madagasikara** - Nahatongavan'ny Malagasy voalohany teto Madagasikara - Fahafoko - Faha mpanjaka - Fanjanahantany - Fahaleovantena	***Sahanasa*** Tarihina ny mpianatra : - hanadihady izay tranga nisy nandritra izany vanim-potoana izany - hamantatra ireo zava-nisy ara-tantara nanamarika ny vanim-potoana nifandimby ***Tetika amam-paika*** - Famakafakana miainga amin'ny firizy - Asa an-tarika - Fifanankalozan-kevitra ***Fitaovana*** Firizy na tahirin-kevitra ahitana ny vanimpotoanan'ny tantaran'i Madagasikara

	● **Ny nahazoana ny anarana "Madagasikara"** - Talohan'ny 1298 : Phébol, Menouthias no anarana nomeny Arabo - 1298 : Madaigascar no anarana nomen'i Marco Polo - 1500 : Saint Laurent no anarana nomen'i Diego Diaz	***Sahanasa*** Tarihina ny mpianatra : - hamaky lahatsoratra mitantara ny niavian'ny anaran'i Madagasikara nosoratan'iroe Arabo nivezivezy tamin'ny ranomasimbe Indiana na ny tantaran'ny dian'i Marco Polo (ny taona 1298) - manazava ny nahatonga ny niavian'ny anaran'i Madagasikara manaraka ny vanim-potoana - hamaly fanontaniana voaomana mialoha hitrandrahana ny lahatsoratra - hilaza ny niavian'ny anarana hoe "Madagasikara" ***Tetika amam-paika*** - Fanadihadiana lahatsoratra ataon'ny tsirairay - Fanontaniana /valiny - Fifanakalozan-kevitra ***Fitaovana*** - Firizy na tahirin-kevitra momba ny vanim-potoanan'ny tantaran'i Madagasikara - Lahatsoratra - Sarintany maneho ny dian'i Marco Polo ny taonjato XVI-XVIII - Andiam-panontaniana
Tombana ● Manazava ny nahazoana ny anarana hoe Madagasikara manaraka ny vanim-potona ny mpianatra ● Manoritsoritra ny vanim-potoana nifandimby teo amin'ny tantaran'i Madagasikara ny mpianatra ● Milaza ireo zava-misy nandritra ireo vanim-potoana nifandimby ny mpianatra ● Mandrafitra firizy ny vanim-potoana maneho ny zava-misy sy ny tranga ara-tantara teto Madagasikara ny mpianatra		

NY FIAVIAN'NY MALAGASY

Fahendrena voizina : mankamamy ny maha Malagasy sy ny tantaram-pirenena

Lanjan'ora: ora 7

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Manadihady ny fiavian'ny Malagasy.	● **Ny toerana niavian'ny Malagasy voalohany** - Avy any Oseania : Ostronesiana. - Avy any Azia : Maleziana, - Indoneziana (Javas sy Borneo, Sumatra) Indiana. - Avy any Afrika sy Arabia: « Péninsule Arabique » Bantou (Afrika atsinanana)	***Sahanasa*** Tarihina ny mpianatra : - hanasongadina ireo firenena na nosy niavian'ireo mponina voalohany teto Madagasikara - hamantatra ireo firenena na vondro-nosy nihavian'ny razamben'ny Malagasy ***Tetika amam-paika*** - Fanadihadiana tahirin-kevitra - Asa an-tarika - Fifanakalozan-kevitra ***Fitaovana*** Lahatsoratra na sarintany maneho ny zotra-pifindra-monin'ireo mponina tonga voalohany teto Madagasikara

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Mandrafitra firizy maneho ireo vanim-potoana fifindramonin'ireo razamben'ny Malagasy	● **Ny vanim- potoanan'ny fifindramonin'ny razamben'ny Malagasy** - Ostroneziana teto Madagasikara : teo anelanelan'ny taonjato faha III ka hatramin'ny taonjato faha IV. - Indoneziana sy ny Maleziana teto Madagasikara : talohan'ny taonjato faha-VII. - Ny Afrikanina teto Madagasikara : teo anelanelan'ny taonjato faha-VII sy faha-VIII. - Ny Arabo teto Madagasikara : nanomboka tamin'ny taonjato faha-IX.	***Sahanasa*** Tarihina ny mpianatra : - hanasongadina ny vanim-potoana nifindran' ireo mpiavy voalohany teto Madagasikara - haneho ny taonjato ny fahatongavan'ny mpifindra monina teto Madagasikara - handrafitra firizim-banim-potoan'ny fifindramonin'ny razamben'ny Malagasy - handravona ny hevitra voalazan'izy ireo mahakasika ny vanim-potoanan'ny fifindramonin'ny razamben'ny Malagasy ***Tetika amam-paika*** - Asa an-tarika - Fanadihadiana tahirin-kevitra - Fanontaniana/valiny ***Fitaovana*** - Tahirin-kevitra - Firizim-banim-potoana maneho ny vanim-potoana fifindramonina - Andiam-panontaniana
Tombana ● Manoritsoritra ny vanim-potoanan'ny fifindramonin'ny razamben'ny Malagasy ny mpianatra ● Mandrafitra firizy maneho ireo vanim-potoana fifindramonin'ireo razamben'ny Malagasy ny mpianatra		

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Manadihady ny fomba fiainan'ny mpiavy sy ny fomba amam-panao teto Madagasikara arakaraka ny toerana novantaniny na koa nanorenany fonenana talohan'ny tantara	● **Ny fomba fiainan'ny mpiavy** - Lamina eo amin'ny lafiny fiarahamonina sy toekarena : fanajana sy fanomezan-kasina ny zokiolona sy ny ray aman-dreny - Ny maha-zava- dehibe ny fihavanana sy ny firaisankina ary ny fiarahamonina tsy misara-mianakavy - Fihazana, fanjonoana, fiompiana fambolena ● **Ny fomba amam-panaon'ny mpiavy razamben'ny Malagasy** - Fiteny : Maleziana, Indoneziana, Afrikana, Arabo - Soratra : sorabe arabo. - Fomba amam-panao : ankafaliana, ankaratsiana - Kolontsaina mozika : fitaovana eo amin'ny lafiny mozika (valiha, amponga)	***Sahanasa*** Tarihina ny mpianatra : - hanasongadina ny fitoviana sy ny fahasamihafana eo amin'ny fomba fiteny hita eo amin'ny fafana - hanazava ny fomba amam-panao nentin'ireo mpiavy - hilaza ny fomba amam-panao nentin'ireo mpiavy voalaza ao anaty lahatsoratra - hanasongadina ny maha izy azy ireo fomba amam-panao navelan'ireo mpiavy izay mbola misy amin'izao fotoana izao - handravona izay voalaza ***Tetika amam-paika*** - Asa an-tarika - Fanontaniana/valiny arahina fifanakalozan-kevitra ***Fitaovana*** - Lahatsoratra - Tabilao mampitaha ny fiteny Malagasy sy ny fitenin'ireo razambeny (Maleziana, Indoneziana, Afrikana, Arabo) - Horonantsary na sary maneho ireo fomba amam-panao nentin'ireo mpiavy hanaovana fanadihadiana.

Tombana
- Mamantatra ireo fomba amam-panaon'ny mpiavy razamben'ny Malagasy ny mpianatra
- Manadihady ny fomba fiainan'ny mpiavy teto Madagasikara arakaraka ny toerana na faritra novantaniny ny mpianatra

NY VAKOKA SY NY HAREM-PIRENENA ETO MADAGASIKARA

Fahendrena voizina : fanajana ny fananana iombonana, fandraisana andraikitra
Lanjan'ora : ora 4

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Manazava ny vakoka sy ny harem-pirenena ho fampandrosoana ny faritra.	● **Ny vakoka** - Ny karazany sy ny toerana ahitana azy ►Ny vakoka hita any amin'ny tranom-bakoka (musée) ►Ireo tsangambato fahatsiarovana (stèles), ireo lapa sy ireo vatolahy hita any amin'ny faritra maro ►Ireo fasan'ny mpanjaka taloha sy ny fasan'ireo mahery fo ►Ny toerana manan-tantara ►Ireo vakoka hita eo amin'ny faritra misy ny mpianatra - Famaritana	***Sahanasa*** Tarihina ny mpianatra : - handinika sary maneho vakoka samihafa - hamaritra ireo karazana vakoka hita na fantatra - hanoritsoritra izay hitany ao anatin'ny sary - hitanisa ireo vakoka misy eo amin'ny faritra misy azy - handravona ny hevitra nivoaka nandritra ny fifanakalozana mba hahafahana mamaritra ny atao hoe "vakoka" ***Tetika amam-paika*** - Fitsidihana ny toerana misy vakoka eo an-toerana. - Fitsidihana toerana misy ireo harem-pirenena izay arovana eo an-toerana - Asa an-tarika - Fanontaniana/valiny - Fifanakalozan-kevitra ***Fitaovana*** - Sary maneho vakoka samihafa - Andiam-panontaniana hanaovana fanadihadiana mahakasika ny karazam-bakoka misy eo amin'ny faritra.
	● **Ny harem-pirenena** - Ny karazany olona, tany, tanàna, ala, rano, ranomasina, harena ankibon'ny tany, valan-javaboahary, faritra voaaro, vakoka,... - Famaritana	***Sahanasa*** Tarihina ny mpianatra : - haneho ireo karazana harem-pirenena samihafa hita ao amin'ny sary - hanoritsoritra izay hitan'izy ireo anatin'ny sary - hitanisa ireo harem-pirenena misy eo amin'ny faritra misy azy - handravona ny hevitra nivoaka nandritra ny fifanakalozana ny mpianatra sy ny mpampianatra mba hahafahana manatsoaka ny famaritana ny atao hoe "harem-pirenena" ***Tetika amam-paika*** - Fandinihana sary - Fidinana ifotony - Fanontaniana/valiny - Asa an-tarika - Fifanan-kalozan-kevitra

		Fitaovana - Sary maneho harem-pirenena samihafa - Andiam-panontaniana hanaovana fanadihadiana mahakasika ny harem-pirenena misy eo amin'ny faritra misy azy
Tombana ● Manoritsoritra ireo vakoka sy harem-pirenena eo amin'ny faritra misy azy ny mpianatra ● Manasongadina ireo fomba fiarovana ny vakoka sy toerana manan-tantara ary ny harem-pirenena misy isam-paritra ny mpianatra		

Voka-pianarana manokana	**Votoatiny**	**Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra**
Mamolavola paikady hanomezana lanja ireo vakoka, toera-manan-tantara, harem-pirenena hita eo amin'ny faritra misy azy	● **Fepetra raisina ho fiarovana sy fikojakojana ny vakoka sy ny harem-pirenena mba hampiroboroboana ny fizahantany** - Ny mahazava-dehibe ny fiarovana ny harem-pirenena - Ny tombontsoa azo amin'ny fitandroana ny vakoka sy ny toerana manan-tantara ary ny harem-pirenena.	***Sahanasa*** Tarihina ny mpianatra : - hilaza ireo karazana vakoka sy toerana manan-tantara ary harem-pirenena misy eo an-toerana - hitanisa ireo tombontsoa azo avy amin'ny fikojakojana sy fitahirizana ireo vakoka sy harem-pirenena - hanazava ny fanatsarana hikoloana sy hitahirizana ny vakoka sy ny toerana manan-tantara ary ny harem-pirenena misy eo anivon'ny faritra ***Tetika amam-paika*** - Fanadihadiana tahirin-kevitra - Asa an-tarika - Fifanakalozan-kevitra - Fijerevana sy fandinahana mivantana ireo vakoka sy harem-pirenena misy eo an-toerana - Hijery horonantsary na sary ahitana ireo karazam-bakoka misy any amin'ny faritra. ***Fitaovana*** Horonantsary na sary ahitana ireo karazam-bakoka misy any amin'ny faritra.
Tombana ● Mamantatra ireo vakoka sy harem-pirenena eo amin'ny faritra misy azy ny mpianatra ● Mamolavola paikady fampiroboroboana ny vakoka ho amin'ny fihariana ny mpianatra ● Manatanteraka ireo paikady fampiroboroboana ny vakoka ho amin'ny fiharian-karena voavolavola ny mpianatra ● Manasongadina ireo fomba fiarovana ny vakoka sy toerana manan-tantara ary ny harem-pirenena misy isam-paritra ny mpianatra		

GÉOGRAPHIE

BUT DU PROGRAMME

Le programme de géographie amène l'apprenant à :

- comprendre les interactions entre les êtres humains, leur Environnement et leurs activités
- adopter des comportements responsables pour préserver l'Environnement et améliorer le bien-être de la population

ORGANISATION PÉDAGOGIQUE GÉNÉRALE

Thématiques :

- L'orientation Géographique
- Le plan
- Les éléments du paysage naturel
- L'Environnement
- L'Homme et les activités quotidiennes.

ORIENTATIONS PÉDAGOGIQUES GÉNÉRALES

- L'enseignement-apprentissage en géographie est centré sur l'apprenant : l'apprenant construit ses propres savoirs et ses propres compétences, répond à des questions ou résout des problèmes qu'il rencontre dans sa vie quotidienne.
- Les cours de géographie constituent ainsi une occasion pour l'apprenant de :
  - mettre en œuvre la démarche géographique qui se base sur l'observation, la description, l'analyse, et la synthèse (ODAS),
  - résoudre des problèmes posés par l'utilisation et l'aménagement de l'espace,
  - construire des repères géographiques et des représentations spatiales,
  - analyser les interactions entre les milieux humains et physiques et s'approprier des outils et des méthodes.
- L'exécution des activités intellectuelles et manuelles nécessite un enseignant accompagnateur pour guider les apprenants dans la mobilisation de leurs ressources et garantir que les activités couvrent tous les résultats d'apprentissage, des savoirs à acquérir. L'enseignant met en place des activités dynamiques et contextualisées, favorisant leur engagement.
- Il est recommandé d'organiser les apprenants en groupes pour favoriser la socialisation et optimiser les résultats. Cela renforce le sens de la responsabilité, le respect mutuel, la communication et l'autonomie des apprenants.
- Les programmes fournissent des conseils et orientations pédagogiques (COP) à titre d'exemple, mais les enseignants sont encouragés à faire preuve de créativité et d'originalité pour adapter les activités proposées dans les COP à leur contexte.
- L'enseignant joue divers rôles (modérateur, guide, encadreur, animateur, facilitateur, accompagnateur) tout au long des séquences pour optimiser le potentiel des apprenants.

Il est invité à conserver une trace écrite ou numérique des productions de ses apprenants pour capitaliser, synthétiser ou résumer les informations essentielles couvrant chacune des thématiques principales.

VOLUME HORAIRE : 1 heure par semaine (dont 30 minutes par séance)

RÉSULTATS D'APPRENTISSAGE GENERAUX

RAG	Résultats d'apprentissages généraux
RAG 1	Utiliser des repères géographiques et des représentations spatiales temporelles et sociales
RAG 2	Analyser des problèmes posés par l'aménagement de l'espace à Madagascar et dans le monde
RAG 3	Adopter des comportements fondés sur le respect de l'humanité et de la nature.
RAG 4	Maîtriser les approches et les démarches scientifiques propres à la géographie, à savoir l'observation, description, l'explication et l'interprétation
RAG 5	Mettre en relation des activités économiques, sociales ou Environnementales de l'être humain en mobilisant des connaissances sur sa région, sur Madagascar et dans le monde pour expliquer des phénomènes sociaux
RAG 6	Analyser les interactions entre les milieux humains et les milieux physiques

TABLEAU DES CONTENUS

Thématiques	Contenus associés
L'ORIENTATION GÉOGRAPHIQUE	**La notion d'orientation géographique** ● Les points cardinaux ● Les directions intermédiaires
LE PLAN	**Le plan à différentes échelles** ● Le plan de la salle classe ● Le plan de l'école ● Le plan du quartier ● Le plan du village ou de la ville
LES ÉLÉMENTS DU PAYSAGE NATUREL	**Les éléments du paysage** ● Les différents types des éléments du paysage naturel ● Le paysage aménagé **La notion du climat** ● Les différents types de climat ● l'interrelation entre le climat et les éléments du paysage **L'utilité des éléments du paysage naturel** ● L'utilité du relief ● L'utilité des cours d'eau ● L'utilité de la végétation
L'ENVIRONNEMENT	**La notion de l'Environnement** ● Les éléments constitutifs de l'Environnement ● Interrelation entre les eléments constitutifs de l'Environnement **La dégradation de l'Environnement** ● Les formes de la dégradation de l'Environnement ● Les causes de la dégradation de l'Environnement ● Les conséquences de la dégradation de l'Environnement ● La protection de l'Environnement
L'HOMME ET LES ACTIVITÉS QUOTIDIENNES	**Les caractéristiques de la population** ● Le nombre de la population ● La répartition par sexe et par âge ● Les variables influant la croissance de la population **Les caractéristiques socioculturelles de la population du village ou de la ville** ● Les Us et coutumes dans sa localité ● Les respects des « fady » **Les activités de la population** ● les différentes activités de la population du village ou de la ville

Valeurs à véhiculer : Autonomie et rigueur
Durrée: 4 heures

Résultat d'apprentissage spécifique	Contenus	Conseils et orientations pédagogiques
Construire des repères géographiques dans son Environnement proche	**La notion d'orientation géographique** ● **Les points cardinaux** - Le Nord - Le Sud - L'Ouest - L'Est ● **Les directions intermédiaires** - Le Nord-Ouest - Le Nord-Est - Le Sud-Ouest - Le Sud-Est	***Activités*** Les apprenants sont amenés à : - repérer l'Est et l'Ouest à partir du lever et du coucher du soleil - identifier l'Est et l'Ouest à partir du mouvement apparent du soleil - expliquer l'orientation à partir des faits culturels - repérer le Nord avec une boussole / GPS - montrer les points cardinaux par les gestes des bras - déduire la définition d'orientation géographique - déterminer les directions intermédiaires à partir des points cardinaux - appliquer le principe d'indication des points intermédiaires de la rose des vents - dessiner une rose des vents en appliquant le principe y afférant ***Stratégies*** - Observation du mouvement apparent du soleil - Demonstration avec les gestes des bras - Travail individuel et en groupe - Manipulation d'une boussole ou d'un GPS si disponible ***Supports*** - Boussole ou GPS - Image ou photographie d'un village avec mosquée, maison traditionnelle - Dessin ou schémas de la rose des vents - Soleil représenté sur une image

Évaluation
L'apprenant :
- repère avec certitude le Nord, le Sud, l'Est, l'Ouest
- s'oriente à partir des repères naturels et des points cardinaux
- trace les directions intermédiaires et dessine une rose des vents
- construit des repères géographiques dans son Environnement proche

Valeurs à véhiculer : rigueur et autonomie
Durée: 6 heures

Résultat d'apprentissage spécifique	Contenus	Conseils et orientations pédagogiques
Se repérer dans l'espace	**Le plan à différentes échelles** ● **Le plan de la salle de classe** - Les eléments du plan - Les mobiliers de la classe - L'orientation : l'indication du Nord par une flèche - L'échelle : l'initiation sur le rapport entre les mesures réelles et celles du plan - La légende	***Activités*** Les apprenants sont amenés à : - identifier les éléments du plan de la salle de classe - montrer les mobiliers existants dans la salle de classe - repérer la position des mobiliers les uns des autres - dessiner ces mobiliers sur le plan de la salle de classe - mesurer les dimensions de la table du maître et constater le rapport entre les mesures réelles et celles du plan - orienter le plan : le Nord en haut, le Sud en bas, l'Ouest à gauche, l'Est à droite - schématiser avec légende le plan de la classe ou fabriquer une maquette d'une salle de classe à partir du plan établi
	● **Le plan de l'école** - Les infrastructures de l'école - L'orientation : l'indication du Nord par une flèche - L'echelle - La légende	- énumérer les principaux bâtiments et les infrastructures - décrire les éléments constitutifs de l'école - situer la salle de classe par rapport aux autres bâtiments de l'école sur le plan - indiquer la position de l'école par rapport rapport aux (marché, église, bureau du Fokontany ou commune...) - réaliser un plan simple de l'école avec une légende
	● **Le plan du quartier** - Les infrastructures du quartier - L'orientation - L'echelle - La légende	- identifier les principaux lieux du quartier: école, marché, église, bureau du fokontany, route, rivière, … - situer le quartier par rapport au village - indiquer sur le plan l'itinéraire parcouru de la maison à l'école - tracer l'itinéraire entre la maison et l'école sur un plan simple - établir le plan du quartier avec la légende
	● **Les plans du village ou de la ville** - Les infrastructures - L'orientation - L'echelle - La légende	- identifier les principaux éléments tels que les bâtiments, les routes, et le cours d'eau, … existants dans leur village ou leur ville - situer le village ou la ville par rapport aux quartiers - situer les bâtiments scolaires par rapport à un élément du village ou de la ville - indiquer les principales voies de communication - indiquer sur le plan l'itinéraire parcouru d'un lieu à un autre avec légende - établir un plan de leur village ou de leur ville avec légende

		Stratégies Brainstorming, travail de groupe sur les productions des plans, observation directe ***Supports*** Photos, papier d'emballage, image, plan de Masse
Évaluation L'apprenant : ● repère la position d'un élément sur un plan ● lit et utilise une légende ● trace un itinéraire simple dans un plan ● réalise un plan simple avec légende (salle de classe, école, quartier, village ou ville)		

LES ÉLÉMENTS DU PAYSAGE NATUREL

Valeurs à véhiculer : respect des biens communs, responsabilité
Durrée: 6 heures

Résultat d'apprentissage spécifique	Contenus	Conseils et orientations pédagogiques
Illustrer les paysages de l'Environnement proche et les éléments du milieu naturel	**Les eléments du paysage** ● **Les différents types des éléments du paysage naturel** - Le paysage terrestre (continental) : ►Les reliefs : les montagnes, les collines, les vallées, les plaines, ►Les cours d'eau : les ruisseaux, les rivières, les fleuves, les lacs, les étangs, les marais, les sources... ►La végétation : la steppe, la savane, les forêts - Le paysage littoral : les océans, la mer, les îles, les presqu'îles, la baie, l'estuaire, le cap, les côtes. - Le Paysage marin: les récifs, les coraux …	***Activités*** Les apprenants sont amenés à : - observer des images ou des paysages de leur milieu de vie - distinguer les différents types du paysage naturel - déterminer les caracteristiques du paysage naturel - déduire la définition du paysage naturel
	● **Le paysage aménagé** - Le paysage urbain Les différents éléments du paysage urbain : les infrastructures, les quartiers, les industries, les marchés, les routes, les églises - Le paysage rural - Les différents élements du paysage rural: le champ de culture, le pâturage, les villages	- determiner les différents types du paysage aménagé et donner leurs caracteristiques ►identifier les paysages urbains ►identifier les paysages ruraux - déduire la définition du paysage aménagé

	La notion du climat ● Les différents types de climat ● L'interrelation entre le climat et les éléments du paysage **L'utilité des éléments du paysage naturel** ● L'utilité du relief ● L'utilité des cours d'eau ● L'utilité de la végétation	- enumerer les différentes types de climat qui existe à Madagascar - evoquer l'interrelation entre le climat et les éléments du paysage - déduire la définition du climat - identifier les différents types d'usages du relief, des cours d'eau, de la végétation - donner l'utilité du relief: montagne, plateau, plaine - donner l'utilité de cours d'eau - donner l'utilité de la végétation - utiliser les vocabulaires géographiques : amont/aval ; crue/inondation ***Stratégies*** Observation directe des photos ou images ou sortie nature ***Supports*** Images ou photos montrant les éléments du paysage
Évaluation L'apprenant : ● caractérise les différents types des éléments du paysage ● décrit l'interrelation entre le climat et les éléments du paysage ● distingue l'utilité du relief, de cours d'eau et de la végétation ● explique les utilités des éléments du paysage naturel		

L'ENVIRONNEMENT

Valeurs à véhiculer : respect des biens communs, responsabilté
Durrée: 8 heures

Résultat d'apprentissage spécifique	Contenus	Conseils et orientations pédagogiques
Expliquer les mesures prises pour la protection de l'Environnement	**La notion de l'Environnement** ● Les eléments constitutifs de l'Environnement : - Les naturels vivants - Les naturels non-vivants - Les artificiels ● Interrelation entre les eléments constitutifs de l'Environnement **La dégradation de l'Environnement** ● Les formes de la dégradation de l'Environnement ● Les causes de la dégradation de l'Environnement ● Les conséquences de la dégradation de l'Environnement	***Activités*** Les apprenants sont amenés à : - observer leur environnement proche - décrire les éléments existants - classifier les éléments énumérés selon leur nature (vivants, non vivants et artificiels) - évoquer l'interrelation entre les eléments constitutifs de l'Environnement - déduire la définition de l'Environnement - exploiter une photo montrant les formes de dégradation de l'Environnement - décrire les formes de dégradation de l'Environnement - déterminer les causes de la dégradation de l'Environnement - discuter les conséquences de la dégradation de l'Environnement - deduire les causes et les conséquences de la dégradation de l'Environnement

	La protection de l'Environnement ● Le ballayage de la cour, de la salle de classe, de la maison... ● Non gaspillage alimentaire ● Le reboisement ● Le jardinage ● Le triage des dechets ● La réutilisation des dechets	- organiser le jour de nettoyage à l'école - installer et utiliser des poubelles - trier les déchets (ordures) selon leur nature - créer des parterres fleuris - planter des haies vives - eviter le gaspillage alimentaire ***Stratégies*** Observation directe des photos ou images suivie de description d'analyse et de synthèse (ODAS), sortie nature, brainstorming, travail de groupe, jeux de rôle ***Supports*** Images, photos, outils de nettoyage et de reboisement, jeunes plants, poubelle
Évaluation L'apprenant : ● décrit les eléments constitutifs de l'Environnement et donner leurs interrelations ● explique les causes et les conséquences de la dégradation de l'Environnement ● applique les mesures prises pour la protection de l'Environnement		

L'HOMME ET LES ACTIVITÉS QUOTIDIENNES

Valeurs à véhiculer : goût de l'effort et de l'excellence, respect de la vie
Durrée: 9 heures

Résultat d'apprentissage spécifique	Contenus	Conseils et orientations pédagogiques
Acquérir des compétences d'observation et de description de l'évolution de la population et ses activités quotidiennes dans sa localité	**Les caractéristiques de la population** ● Le nombre de la population ● La répartition par sexe et par âge ● Les variables influant la croissance de la population : - La naissance - Les décès - Les migrations	***Activités*** Les apprenants sont amenés à : - donner l'effectif des apprenants dans la salle de classe - le catégoriser en fonction de leur âge - élaborer un tableau montrant l'effectif des apprenants selon leur âge et leur sexe - déduire une définition de « population » - étendre cette activité sur l'ensemble de l'école et du village : * en établissant la répartition par âge et par sexe de la population de l'école et du village * en dégageant les mouvements de la population. - identifier les causes de la croissance ou de la diminution du nombre de la population
	Les caractéristiques socioculturelles de la population du village ou de la ville ● Les Us et coutumes dans sa localité ● Les respects des « fady »	- donner les caractéristiques socioculturelles de leur famille en insistant sur leur origine, leur groupe ethnique et leur mode de vie - évoquer les us et coutumes existants dans leur localité (selon leurs connaissances) - décrire les us et coutumes locaux existants : langues, vêtements, coiffures, croyances, circoncision, mariage, exhumation, enterrement

	Les activités de la population ● les différentes activités de la population du village ou de la ville: - L'agriculture - La pêche - L'artisanat - L'industrie - Le commerce - Le transport	- dégager les principales cultures pratiquées dans leur localité - décrire les principaux élevages et pêches dans leur localité - distinguer les différentes activités artisanales, industrielles, commerciales et de transports dans leur localité (selon leurs connaissances) ***Stratégies*** - Observation directe des photos ou images - Travail de groupe - Assister aux évènements socioculturels locaux, enquête, … ***Supports*** - Questionnaire d'enquête - Images - Photos
Évaluation L'apprenant : ● élabore un tableau montrant l'effectif, la répartition par âge et par sexe de la classe ● décrit les variables qui influencent la croissance ou la diminution du nombre de la population ● explique les us et coutumes dans sa localité ● analyse les caractéristiques démographiques de la population, ainsi que les activités pratiquées par les habitants du village		

ANNEXE

GLOSSAIRE

Équateur : ligne imaginaire autour de la terre située à égale distance des deux pôles

Groupe ethnique : une population humaine ayant en commun une ascendance, une histoire (historique, mythologique), une culture, une langue ou un dialecte, un mode de vie ; bien souvent plusieurs de ces éléments à la fois.

L'échelle : le rapport mathématique entre une longueur sur la carte et la longueur réelle sur le terrain. Elle s'exprime par une fraction où le numérateur représente la longueur sur la carte et le dénominateur représente la longueur réelle sur le terrain.

Latitude : distance, mesurée en degrés, du lieu par rapport à l'équateur.

Légende : un encart expliquant la signification des lettres, signes et couleurs employés sur la carte.

Longitude : distance, mesurée en degrés, du lieu par rapport au méridien d'origine

Orientation géographique : l'orientation désigne ou matérialise la direction de l'orient (lever du soleil à l'équinoxe) et des points cardinaux (Nord de la boussole) ; En dessin bâtiment, une orientation géographique, elle permet de situer la maison par rapport au Nord. Elle est représentée à l'aide de la rose des vents ou par une flèche analogue à celle d'une boussole.

Us et coutumes : les habitudes, les usages, les traditions d'un pays, d'un peuple, d'un milieu.

FANABEAZANA HO OLOMPIRENENA VANONA

ZAVA-KENDREN'NY FANDAHARAM-PIBEAZANA

Ny taranja Fanabeazana ho Olompirenena Vanona dia mikendry ny hanabe ny mpianatra hanana fitondrantena mendrika sy tompon'andraikitra eo amin'ny fiainana andavanandro.
Izy io dia manampy ny mpianatra :

- hanome lanja ny maha-izy azy sy hatoky tena ;
- hahalala ny anjara toerany eo amin'ny fiarahamonina ;
- hifandray amim-panajana amin'ny hafa ;
- hanaja ny zo sy hanatanteraka ny adidy aman'andraikiny.

Izany dia hampivelatra ny mpianatra amin'ny maha olona manontolo : vatana, saina, fihetseham-po, fanahy fahendrena sy amin'ny maha olona anaty fiarahamonina azy.

FANDAMINANA ARA-PEDAGOJIA ANKAPOBENY

Mizara ho lohahevitra efatra ny votoatin'ny taranja :

- Ny fanajana ny maha olona sy fifandraisana amin'ny hafa ;
- Ny fanajana ny zo sy ny fanatanterahana adidy aman'andraikitra ;
- Ny fitiavan-tanindrazana ;
- Ny fanabeazana ara-tsosialy sy ara-bola.

FITARIHANA ARA-PEDAGOJIA ANKAPOBENY

Ny fampianarana ny taranja Fanabeazana ho Olompirenena Vanona dia mifototra amin'ny fampiharana sy ny fandraisan'anjaran'ny mpianatra mivantana.
Ireto ny fomba tsotra hanatanterahana izany :

- famakiana tantara ;
- fampiasana sary, horonan-tsary na horonam-peo ;
- fandinihana sy famakafakana trangam-piainana ;
- lalao sy seho sehatra ;
- fidinana ifotony (raha ilaina).

Ampirisihina ny mpianatra :

- hikaroka fahalalana samirery ;
- hanatanteraka tetikasa madinika (ao an-tokantrano, sekoly, fokontany) ;
- handray andraikitra tsikelikely eo amin'ny fiarahamonina.

Ireo hetsika ireo dia mikendry ny hananan'ny mpianatra fahalalana, fahaiza-manao ary toetra amam-pihetsika mendrika ilaina amin'ny fiainana.

VOKA-PIANARANA ANKAPOBENY (VPA)

VPA	VOKA-PIANARANA ANKAPOBENY
VPA VOALOHANY	Maneho ny maha izy azy sy mikolo ny tenany.
VPA FAHAROA	Maneho fahalalam-pomba ary mifandray amin'ny hafa.
VPA FAHATELO	Manaja sy mikolo ny fananana iombonana.
VPA FAHEFATRA	Mandray anjara amin' ny fiarovana ny tontolo iainana.
VPA FAHADIMY	Misoroka ny loza mety hihatra aminy.
VPA FAHENINA	Manaja ny zon' ny ankizy sy ny zon'olombelona ary mamita ny andraikitra tandrify azy.
VPA FAHAFITO	Manaja ny faneva sy ny hiram-pirenena.
VPA FAHAVALO	Mizara izay fantany mahakasika ny maha firenena mahaleo tena an' i Madagasikara.
VPA FAHASIVY	Mandray anjara amin'ny ady amin'ny tsy fahamarinana sy ny kolikoly.
VPA FAHAFOLO	Misoroka ny fandanilaniam-poana, mitahiry sy mampitombo araka izay ananana.

LANJAN'ORA : 1 ora sy 30 minitra isan-kerinandro

FAFANA MANEHO NY VOTOATINY ISAKY NY LOHAHEVITRA

LOHAHEVITRA	VOTOATINY
NY FANAJANA NY MAHA OLONA SY FIFANDRAISANA AMIN'NY HAFA	Ny fitandrovana ny fahasalamana ● Aretina mpiseho amin'ny fiainana andavanandro ● Antony mahatonga ny aretina ● Toetra amam-pihetsika hisorohana ny aretina
NY FANAJANA NY ZO SY NY FANATANTERAHANA ADIDY AMAN' ANDRAIKITRA	Ny fampiasana amim-piheverana ny rano ● Ny maha zava-dehibe ny rano ● Olana mahakasika ny rano eo amin'ny fiarahamonina ● Toetra amam-pihetsika mendrika amin'ny fampiasana rano Ny fisorohana ny lozam-pifamoivoizana ● Fitsipika mifehy ny fifamoivoizana ● Fampiharana sy fanajana ireo fitsipika Ny fanajana ny zon'olombelona ● Zon'olombelona ● Fampiharana ny zon'olombelona ● Toetra amam-pihetsika mendrika Ny fisorohana ny herisetra ● Endrika isehoan'ny herisetra ● Voka-dratsy ateraky ny herisetra ● Toetra amam-pihetsika mendrika hisorohana ny herisetra
NY FITIAVAN-TANINDRAZANA	Ny fanajana ny fanevam-pirenena ● Fipetraky ny loko telo mandrafitra ny fanevam-pirenena malagasy sy ny heviny ● Antom-pisian'ny fanevam-pirenena ● Fihetsika enti-manaja ny fanevam-pirenena Ny ady amin'ny kolikoly ● Endrika isehoan'ny kolikoly ● Voka-dratsin'ny kolikoly ● Toetra amam-pihetsika hiadiana amin'ny kolikoly
NY FANABEAZANA ARA-TSOSIALY SY ARA-BOLA	Ny fanaovana tahiry ● Tombontsoa azo avy amin'ny tahiry ● Karazana tahiry azo atao ● Toerana azo itahirizana ● Fomba fanaovana tahiry Ny fampitomboana ny tahiry eo am-pelatanana ● Tombontsoa azo avy amin'ny fampitomboana tahiry ● Fomba fampitomboana tahiry

NY FANAJANA NY MAHA OLONA SY FIFANDRAISANA AMIN'NY HAFA

Fahendrena voizina : fanajana ny hasin'ny aina, fanajana ny tena sy ny hafa
Faharetany : 4 ora

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Misoroka ny aretina mpiseho eo amin'ny fiainana andavanandro	**Ny fitandrovana ny fahasalamana** ● Aretina mpiseho amin'ny fiainana andavanandro : gripa, kohaka, tazo, aretim-pivalanana, sery, sns. ● Antony mahatonga ny aretina - Avy amin'ny tena - Avy amin'ny manodidina ● Toetra amam-pihetsika hisorohana ny aretina : - fitandroana ny fahadiovan'ny tena - fisotroana rano madio - fihinanana sakafo madio - fanaovana fitafiana mifanaraka amin'ny toetry ny andro - fanadiovana ny sekoly sy ny manodidina - fanentanana ny hafa hitandro ny fahadiovana sy ny fahasalamana	***Sahanasa*** Tarihina ny mpianatra : - hitanisa ireo aretina mahazatra amin'ny fiainana andavanandro - hijery sary na hihaino tantara kely momba ny fahadiovana sy nyaretina - hifampizara momba ny antony mahatonga ny aretina - haneho ireo fihetsika tsarahisorohana ny aretina - hanao seho sehatra momba ny fitandroana fahasalamana - hampihatra ny fahadiovana ao an-dakilasy sy ao an-trano - handray anjara amin'ny fanadiovana ny sekoly sy ny manodidina - hamorona hafatra tsotra na afisy fanentanana momba ny ahadiovana - hampirisika ny hafa hitandro fahadiovana sy fahasalamana - hanara-maso ny fampiharana ny fahadiovana ao an-dakilasy sy ao an-trano ***Tetika amam-paika*** - Tosa-kevitra sy fifanakalozan-kevitra - Fitantarana tantara kely - Seho sehatra - Fampiharana mivantana - Fanentanana - Famakafakana toe-javatra ***Fitaovana*** - Sary - Tantara kely - Afisy fanentanana - Fitaovana fanadiovana (kifafa, sobika, savony, rano)

Tombana
- Mitanisa ireo aretina mpiseho eo amin'ny fiainana andavanandro ny mpianatra.
- Manoritsoritra ireo antony mahatonga ny aretina ny mpianatra.
- Mampihatra ireo fomba hisorohana ny aretina ny mpianatra.
- Mandray anjara amin'ny fanadiovana sy fitandroana fahasalamana ny mpianatra.
- Mampirisika ny hafa hitandro fahadiovana sy fahasalamana ny mpianatra.

NY FANAJANA NY ZO SY NY FANATANTERAHANA ADIDY AMAN'ANDRAIKITRA

Fahendrena voizina: fanajana ny hasin'ny aina, fanajana ny tena sy ny hafa

Faharetany : 21 ora 30 minitra

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Mitantana sy mampiasa am-piheverana ny rano eo amin'ny fiainana andavanandro	**Ny fampiasana amim-piheverana ny rano** ● Ny maha zava- dehibe ny rano : - rano fototry ny aina, - ampiasaina amin'ny fisotro, - fahadiovana, - fambolena, fanadiovana, sns. ● Olana mahakasika ny rano eo amin'ny fiarahamonina : tsy fahampian-drano, fahalotoan'ny rano, fandanilaniam-poana ny rano. ● Toetra amam-pihetsika mendrika amin'ny fampiasana rano : - vonoina ny paompy rehefa avy ampiasaina, - tsy mandoto renirano sy loharano, - mitsitsy rano, - mitandro ny fahadiovan'ny rano	***Sahanasa*** Tarihina ny mpianatra : - haneho hevitra momba ny maha zava-dehibe ny rano amin'ny fiainana andavanandro - hitanisa ireo olana mahakasika ny rano eo amin'ny fiarahamonina - haneho ireo fihetsika mendrika amin'ny fampiasana rano - hanao seho sehatra momba ny fampiasana rano am-piheverana - handray anjara amin'ny fanadiovana loharano na ny manodidina - hamorona hafatra na afisy fanentanana momba ny fitsitsiana sy fiarovana ny rano - hanentanan ny hafa hampiasa am-piheverana sy hitandro ny fahadiovan'ny rano ***Tetika amam-paika*** - Fandinihana ny tontolo manodidina - Fifanakalozan-kevitra - Seho sehatra ***Fitaovana*** - Sary - Horonan-tsary - Afisy momba ny rano
Tombana ● Manoritsoritra ny maha zava-dehibe ny rano ny mpianatra. ● Manazava ireo olana mahakasika ny rano ny mpianatra. ● Mampiasa amim-piheverana ny rano ny mpianatra. ● Manentana ny hafa hitandro ny fahadiovan'ny rano ny mpianatra.		

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Misoroka ny lozam-pifamoivoizana	● Ny fisorohana ny lozam-pifamoivoizana ● Fitsipika mifehy ny fifamoivoizana : - fanajana takela-by sy marika, - fiampitana amin'ny toerana voatokana, - fitandremana eny an-dalana	***Sahanasa*** Tarihina ny mpianatra : - hitanisa ireo fitsipika mifehy ny fifamoivoizana - hijery sary momba ny fitondran-tena mety sy tsy mety eny an-dalana - haneho fihetsika manaja ny fitsipika hanao seho sehatra momba ny fiampitana lalana sy fitandremana

	● Fampiharana sy fanajana ireo fitsipika : fanajana ny lalàna sy fitondran-tena mendrika eny an-dalana	- hamorona hafatra fanentanana momba ny fisorohana lozam-pifamoivoizana - hanentana ny hafa hanaja ny fitsipika sy handray anjara amin'ny fisorohana ny loza ***Tetika amam-paika*** - Fifanakalozan-kevitra - Famakafakana sary - Seho sehatra - Fampiharana mivantana - Fanentanana ***Fitaovana*** - Sary famantarana - fifamoivoizana - Takela-by - Kojakoja enti-manao seho sehatra
Tombana ● Milaza ireo fitsipika mifehy ny fifamoivoizana ny mpianatra. ● Mampihatra fitondran-tena mendrika eny an-dalana ny mpianatra. ● Manentana ny hafa hisoroka ny lozam-pifamoivoizana ny mpianatra.		

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Manaja ny zon'olombelona	Ny fanajana ny zon'olombelona ● Zon'olombelona : - zo hiaina, - zo haneho hevitra, - zo hianatra, - zo hahazo fiarovana, - zo hitovy lenta amin'ny hafa ● Fampiharana ny zon'olombelona : fampiasana ny zo amim-panajana sy fanekena fa mitovy zo ny rehetra. ● Toetra amam-pihetsika mendrika : - fanajana ny zon'ny tena, - fanajana ny zon'ny hafa, fiaraha-miaina am-pilaminana	***Sahanasa*** Tarihina ny mpianatra : - hitanisa ireo zo ananan'ny olombelona - hifampizara momba ny fanajana ny zon'ny tena sy ny hafa - hanao seho sehatra maneho fanajana sy tsy fanajana zo - hamorona hafatra fanentanana momba ny zon'olombelona - hampirisika ny hafa hanaja ny zony sy ny zon'ny mpiara-belona ***Tetika amam-paika*** - Tosa-kevitra sy adihevitra - Seho sehatra - Famakafakana toe-javatra ***Fitaovana*** - Sary - Tantara kely - Afisy fanentanana
Tombana ● Milaza ireo zo ananan'ny olombelona ny mpianatra. ● Maneho fanajana ny zony sy ny zon'ny hafa ny mpianatra. ● Manentana ny hafa hanaja ny zon'olombelona ny mpianatra.		

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Misoroka ny herisetra amin'ny fiainana andavanandro	**Ny fisorohana ny herisetra** ● Endrika isehoan'ny herisetra : herisetra ara-batana, herisetra ara-teny, herisetra ara-tsaina ● Voka-dratsy ateraky ny herisetra : ratra, tahotra, tsy fifankahazoana, fahavoazana. ● Toetra amam-pihetsika mendrika hisorohana ny fifanajana, fifampiresahna, fifehezan-tena, fiaraha-miaina am-pilaminana	***Sahanasa*** Tarihina ny mpianatra : - hitanisa ireo endrika isehoan'ny herisetra - hilaza ireo voka-dratsin'ny herisetra - haneho ireo fihetsika mendrika hisorohana ny herisetra - hanao seho sehatra momba ny fiaraha-miaina am-pilaminana hamorona hafatra fanentanana hiadiana amin'ny herisetra - hampirisika ny hafa hisoroka ny herisetra ***Tetika amam-paika*** - Fifanakalozan-kevitra - Famakafakana toe-javatra - Seho sehatra - Fanentanana ***Fitaovana*** - Tantara kely - Afisy - Kojakoja enti-manao seho sehatra
Tombana ● Mitanisa ireo endrika isehoan'ny herisetra ny mpianatra. ● Manazava ireo voka-dratsy ateraky ny herisetra ny mpianatra. ● Maneho fihetsika mendrika hisorohana ny herisetra ny mpianatra. ● Miara-miaina am-pilaminana lavitry ny herisetra ny mpianatra. ● Manentana ny hafa hisoroka ny herisetra ny mpianatra.		

NY FITIAVAN-TANINDRAZANA

Fahendrena voizina : Maha olompirenena, fitiavan-tanindrazana
Faharetany : 17 ora

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Manaja ny fanevam-pirenena malagasy ary mandrisika ny hafa hanao toy izany koa	**Ny fanajana ny fanevam-pirenena** ● Fipetraky ny loko telo mandrafitra ny fanevam-pirenena malagasy sy ny heviny ● Antom-pisian'ny fanevam-pirenena ● Fihetsika enti-manaja ny fanevam-pirenena	***Sahanasa*** Tarihina ny mpianatra : - hilaza ny fipetraky ny loko telo sy ny heviny amin'ny fanevam-pirenena malagasy - hanazava ny antom-pisian'ny fanevam-pirenena - haneho ireo fihetsika enti-manaja ny fanevam-pirenena - handray anjara amin'ny hetsika fananganan-tsaina - hanao seho sehatra momba ny fanajana sy tsy fanajana ny fanevam-pirenena - hamorona hafatra fanentanana momba ny fanajana ny fanevam-pirenena - hampirisika ny hafa hanaja ny fanevam-pirenena

		Tetika amam-paika - Fandinihana ny fanevam-pirenena - Fifanakalozan-kevitra - Seho sehatra - Fampiharana mivantana - Fanentanana ***Fitaovana*** - Fanevam-pirenena malagasy - Sary - Afisy fanentanana
Tombana ● Milaza ny loko telo amin'ny fanevam-pirenena sy ny hevitra voiziny ny mpianatra. ● Manazava ny antom-pisian'ny fanevam-pirenena ny mpianatra. ● Maneho fihetsika ho fanajana ny fanevam-pirenena ny mpianatra. ● Manentana ny hafa hanaja ny fanevam-pirenena ny mpianatra.		

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Mandà ny kolikoly eo anivon'ny fiarahamonina	**Ny ady amin'ny kolikoly** ● Endrika isehoan'ny kolikoly ● Voka-dratsin'ny kolikoly ● Toetra amam-pihetsika hiadiana amin'ny kolikoly mandà ny kolikoly, manaja ny laharana, manatona tompon'andraikitra, mitatitra tranga kolikoly, mijoro amin'ny fahamarinana	***Sahanasa*** Tarihina ny mpianatra : - hitanisa ireo endrika isehoan'ny kolikoly - hifampizara momba ny voka-dratsin'ny kolikoly - haneho ireo toetra amam-pihetsika hiadiana amin'ny kolikoly - hanao seho sehatra mampiseho fihetsika mendrika sy tsy mendrika manoloana kolikoly - hamorona hafatra na afisy fanentanana handavana ny kolikoly - hampirisika ny hafa hijoro amin'ny fahamarinana sy handà ny kolikoly ***Tetika amam-paika*** - Fandinihana toe-javatra - Fifanakalozan-kevitra - Seho sehatra - Fanentanana ***Fitaovana*** - Tantara kely - Sary - Horonan-tsary - Afisy fanentanana
Tombana ● Mitanisa ireo endrika isehoan'ny kolikoly ny mpianatra. ● Manazava ny voka-dratsin'ny kolikoly ny mpianatra. ● Maneho toetra amam-pihetsika mandà ny kolikoly ny mpianatra. ● Manentana ny hafa handà ny kolikoly ny mpianatra.		

Fahendrena voizina: fikirizana, faharetana
Faharetany : 7 ora

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Manao tahiry araka izay ananana	**Ny fanaovana tahiry** ● Tombontsoa azo avy amin'ny tahiry ● Karazana tahiry azo atao ● Toerana azo itahirizana ● Fomba fanaovana tahiry	***Sahanasa*** Tarihina ny mpianatra : - haneho hevitra momba ny tombontsoa azo avy amin'ny fanaovana tahiry - hitanisa ireo karazana tahiry azo atao - hilaza ireo toerana azo itahirizana - haneho ny fomba fanaovana tahiry araka izay ananana - hamorona hafatra na afisy fanentanana momba ny fanaovana tahiry - hampirisika ny hafa hanao tahiry araka izay ananany ***Tetika amam-paika*** - Tosa-kevitra sy fifanakalozan-kevitra - Fandinihana toe-javatra - Seho sehatra - Fanentanana ***Fitaovana*** - Tantara kely - Sary na kisary momba ny tahiry - Boatin-drakitra - Afisy fanentanana
Tombana ● Manazava ireo tombontsoa azo avy amin'ny tahiry ny mpianatra. ● Mitanisa ireo karazana tahiry azo atao ny mpianatra. ● Milaza ireo toerana azo itahirizana ny mpianatra. ● Mampihatra fomba fanaovana tahiry araka izay ananana ny mpianatra. ● Manentana ny hafa hanao tahiry ny mpianatra.		

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Mampitombo ny tahiry eo am-pelatanana	**Ny fampitomboana ny tahiry eo am-pelatanana** ● Tombontsoa azo avy amin'ny fampitomboana tahiry ● Fomba fampitomboana tahiry : fanatanterahana sahanasa madinika toy ny fiompiana kely, fambolena, fanodinana akora efa niasa ho azo ampiasaina indray	***Sahanasa*** Tarihina ny mpianatra : - haneho hevitra momba ny tombontsoa azo avy amin'ny fampitomboana tahiry - hitanisa ireo fomba azo ampitomboana ny tahiry - hifampizara momba ny sahanasa madinika azo atao eo amin'ny fiainana andavanandro - hanao seho sehatra momba ny fitsitsiana sy fampitomboana tahiry - hanatanteraka sahanasa madinika hampitomboana ny tahiry - hamorona hafatra fanentanana momba ny fampitomboana tahiry - hampirisika ny hafa hampitombo ny tahiry eo am-pelatanana

		Tetika amam-paika - Fifanakalozan-kevitra - Fanadihadiana tahirin-kevitra - Fanatanterahana sahanasa madinika - Seho sehatra - Fanentanana ***Fitaovana*** - Tahirin-kevitra - Sary - Kojakoja ilaina amin'ny sahanasa madinika - Afisy fanentanana
Tombana ● Manazava ireo tombontsoa azo avy amin'ny fampitomboana tahiry ny mpianatra. ● Mandray anjara amin'ny sahanasa madinika hampitomboana tahiry ny mpianatra. ● Mampiseho fihetsika mitsitsy sy mikarakara tahiry ny mpianatra. ● Manentana ny hafa hanao tahiry araka izay ananany ny mpianatra.		

TOVANA

Dingana amin'ny fanatanterahana tetikasa eo amin'ny taranja "Fanabeazana ho Olompirenena Vanona"

Famantarana ny olana Ao an-tsekoly na eo amin'ny fiarahamonina	**Fisafidianana ny tetikasa** Tetikasa azo tanterahina	**Fanomanana ny tetikasa** Iza, inona, rahoviana
Fanatanterahana ny tetikasa araka ny drafitra	**Fanombanana ny tetikasa** Ny nety, ny olana niseho, ary ny fanatsarana azo atao amin'ny ho avy	**Fanehoana ny vokatra** Mihaino ny heviny

Dingana amin'ny seho sehatra

Fisafidianana ny lohahevitra na tranga	**Fizarana asa** Mpilalao, mpitantara, mpanampy…	**Fanomanana** Mialoha, mangataka fanampian'ny mpampianatra
Andrana Fanazaran-tena sy fanitsiana	**Fanatanterahana** Maneho ny seho eo imason'ny mpiara-mianatra	**Fanangonan-kevitra** Mihaino ny hevitry ny mpijery, maka lesona
	Fanekena fampiharana Mampihatra ny hafatra azo eo amin'ny fiainana andavanandro	

TOROVOLANA

Fahasamihafana : tsy fitoviana ara-boajanahary na ara-piarahamonina eo amin'ny samy olona

Fisorohana : fandraisana fepetra mialoha

Kolikoly : fanomezana na fitakiana vola tsy ara-dalàna, an-kafetsena na an-tery, amin'ny asa ampanaovina na atao

Manentana : mampirisika na mitarika ny olona amin'ny fomba miavaka mba hanatanteraka zavatra iray

Miara-mientana : mifarimbona manao asa iray

Mikolo : mikarakara

Zo sitrahina : zo raisina, omena

Tandrevaka : tsy fitandremana

ZAVAKANTO

ZAVA-KENDREN'NY FANDAHARAM-PIBEAZANA

Ny taranja Zavakanto dia mikendry ny hampivelatra ny fahaiza-manaon'ny mpianatra :

- maneho hevitra sy fihetseham-po amin'ny alalan'ny kanto ;
- mamorona sy mampiasa ny sainy amin'ny asa kanto ;
- mankasitraka sy manaja ny sanganasa kanto ;
- mampivelatra ny fahaiza-misaina sy ny fahaiza-mitsara ;
- mampiasa ny zavakanto ho fitaovam-pifandraisana sy fanehoan-kevitra.

Ankoatra izany dia mikendry ihany koa ny :

- hahafantaran'ny mpianatra ny kolontsainy sy ny maha izy azy ;
- hanomezana lanja ny kolontsaina isam-paritra sy nasionaly ;
- hampivelatra ny maha olompirenena amin'ny alalan'ny fanajana ny hafa sy ny fiaraha-monina ;
- hanomana ny mpianatra hiaina eo amin'ny fiaraha-monina sy ny tontolon'ny asa.

FANDAMINANA ARA-PEDAGOJIA ANKAPOBENY

Ny taranja Zavakanto dia mizara ho zana-taranja efatra :

- Hairaha ara-endrika amam-bika : sary, hosodoko, sokitra ;
- Mozika : fihirana, fitendrena, famoronana hira ;
- Dihy : fandihizana, fihetsika, famoronana dihy ;
- Fiseharana : filalaovana, seho, fanehoana amin'ny vatana sy feo.

FITARIHANA ARA-PEDAGOJIA ANKAPOBENY

Ireto ny fomba tsotra hanatanterahana ny fampianarana :

- atomboka amin'ny zavatra efa fantatry ny mpianatra sy mahakasika azy ny lesona ;
- omena sehatra hiteny, hamorona ary handray anjara ny mpianatra ;
- amporisihina hiara-miasa sy hifanaja ny mpianatra ;
- ampiasaina ny fitaovana tsotra sy hita eo an-toerana ;
- ampirisihina ny mpianatra hijery, handinika ary hitsikera sanganasa ;
- ampiasaina ny zavakanto ho fomba hifandraisana sy hanehoana hevitra.

LANJAN' ORA : 1 ora sy 20 mn isan-kerinandro

VOKA-PIANARANA ANKAPOBENY (VPA)

Ny voka-pianarana ankapobeny dia manoritsoritra izay andrasana amin'ny zana-taranja tsirairay isan'ambaratonga.

ZANA-TARANJA	VOKA-PIANARANA ANKAPOBENY
Hairaha ara- endrika amam-bika	Manao sary manana 2D (an-demaka) sy sary manana endrika 3D (mivohitra) amin'ny fampiasana teknika tsotra
	Mampita hafatra mazava amin'ny alàlan'ny sary
	Miresaka sy manazava ny sanganasa nataony sy ny an'ny hafa
Mozika	Mihira na milalao hira nentim-paharazana sy maoderina (irery na an-tarika)
	Mamorona hira fohy na feo tsotra ka mampiasa zavamaneno
	Mihaino sy mankafy mozika taloha sy ankehitriny
Dihy	Mandihy dihy nentim-paharazana sy maoderina (irery na an-tarika)
	Mamorona fihetsika tsotra amin'ny dihy
	Mankafy dihy sy soradihy samihafa
Fiseharana	Mamorona tantara an-tsehatra tsotra
	Milalao ampahana fiseharana
	Mankafy seho an-tsehatra nataon'ny tena sy ny hafa

FAFAN'NY VOTOATINY

ZANA-TARANJA	VOTOATINY
Hairaha ara- endrika amam- bika	● Karazana sary
	● Famoronana sary
	● Fomba fahitana : lavitra-akaiky
	● Toerana
	● Hosodoko miainga amin'ny karazana sary
	● Kalitaon'ny tsipika
	● Karazana loko
	● Fampiasana lafika
	● Famoronana hosodoko
	● Akora fototra amin'ny sokitra
	● Teknika takiana amin'ny sokitra
	● Karazana sokitra
	● Famoronana sokitra
Mozika	● Feo vokarina avy amin'ny karazana zavamaneno
	● Lanto-peo
	● Cellule rythmique
	● Faharetan'ny feo
	● Paika 4/4, paika 3/4, paika 6/8
	● Gadona
Dihy	● Toerana eny amin'ny habaka
	● Gadona
	● Lalana hizoran'ny dihy : mahitsy
	● Famoronana dihy avy amin'ny hetsika mifandrindra
	● Faritry ny vatana ampiasaina amin'ny dihy
Fiseharana	● Lalao firindrana sy fiaraha-miasa amn'ny vondrona
	● Fanehoana fihetsem-po sarotra
	● Fampiasana
	● Fampiasana habaka sy hetsika amin'ny ambaratonga samihafa
	● Fanehoana ara-batana

Fahendrena voizina : fankamamiana ny hatsarana, saina tia mamorona
Faharetany : Sary : 6 ora 20 min / Hosodoko : 6 ora 20 min / Sokitra : 6 ora 20 min

SARY

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Mampihatra ny tsipika rehetra amin'ny fanaovana karazana sary	● Karazana sary - Sary alain-tahaka - Sary tena izy (misy antsipirihany, misy aloka sy firafitra) - Sary amin'ny alalan'ny zavatra na sehatra hita mivantana - Sary maneho endrin-javatra noeritreretina na nofinofisina - Sary endrik'olona - Sary lamaody (akanjo na fanaka) - Sary maneho ny tontolo iainana ...	***Sahanasa*** Tarihina ny mpianatra : - hanomana fitaovana hanaovana sary araka ny karazany - handinika ny sary izay aseho azy - hamantatra ny karazana sary - hisafidy ny sary hotanterahana - hanao sary mampiasa ny karazana tsipika sy kalitaon'ny tsipika - hampihatra ny karazana tsipika sy kalitaon'ny tsipika amin'ny karazana sary nosafidiany hatao ***Tetika amam-paika sy lalan-tsaina*** - Fandinihana sary - Asa samirery - Fanarahana modely - Lalan-tsaina fanatanterahana ***Fitaovana*** - Sary modely - Ravin-taratasy/Solaitra - Pensilihazo - Saribao - Tsaoka - Gaoma
Tombana ● Mampiasa ny karazana tsipika sy kalitaon'ny tsipika amin'ny sary ataony ny mpianatra. ● Mitrandraka ny fampiasana ny karazana tsipika sy kalitaon'ny tsipika amin'ny karazana sary ataony ny mpianatra.		

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Manao asa famoronana miainga amin'ny karazana sary	● Famoronana sary	***Sahanasa*** Tarihina ny mpianatra : - hanomana fitaovana hanaovana sary - hisafidy ny karazana sary iaingana - hamorona sary araka ny karazana sary nosafidiany - hanaja ny fampiasana ny karazana tsipika sy kalitaon'ny tsipika amin'ny sary izay ataony ***Tetika amam-paika sy lalan-tsaina*** - Asa samirery - Lalan-tsaina famoronana ***Fitaovana*** - Ravin-taratasy/Solaitra - Pensilihazo - Saribao - Tsaoka - Gaoma

Tombana
- Mampiasa ny karazana tsipika sy kalitaon'ny tsipika amin'ny sary izay ataony ny mpianatra.
- Mamorona sary miainga amin'ny karazana sary efa misy ny mpianatra.

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Manao sary amoahana ny fomba fahitana (lavitra-akaiky)	● Fomba fahitana : lavitra-akaiky ● Toerana - Havia - Havanana - Eo aloha - Aoriana - Ambony - Ambany - Afovoany	***Sahanasa*** Tarihina ny mpianatra : - hanomana fitaovana hanaovana sary - hanao angon-kevitra amin'ny sary tiana hatao - hisafidy ny karazana sary iaingana - handinika ny sary modely - hanoritra ny tsipika tsy taka-maso « ligne d'horizon » - hametraka ny « point de fuite » - hanoritra ny « ligne de fuite » hanaovana ny sary - hanao sary mitovy endrika na tsia amin'ny faritr'ilay « ligne de fuite » - hitrandraka ny famoahana ny fomba fahitana (lavitra-akaiky) amin'ny sary izay atao ***Tetika amam-paika sy lalan-tsaina*** - Fanaovana sary amoahana fomba fahitana (lavitra, akaiky) - Asa samirery ***Fitaovana*** - Sary modely - Ravin-taratasy/Solaitra - Pensilihazo - Saribao - Tsaoka - Gaoma
Tombana Manao sary ara-kalitao amoahana fomba fahitana (lavitra, akaiky).		

HOSODOKO

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Manao hosodoko miainga amin'ny karazana sary	● Hosodoko miainga amin'ny karazana sary - Sary alain-tahaka - ary hita maso na tsy hita - Sary manaraka lohahevitra (ny natiora, ny biby, …) ● Kalitaon'ny tsipika - Mahia - Matevina - Mazava - Matroka	***Sahanasa*** - Tarihina ny mpianatra - hanomana fitaovana hanaovana hosodoko - hanao angon-kevitra amin'ny hosodoko tiana hatao - hisafidy ny karazana sary iaingana - handinika ny sary modely - hanao hosodoko araka ny modely - hampihatra ny karazana amin'ny hosodoko izay ataony - hanaja ny fampiasana ny kalitaon'ny tsipika ***Tetika amam-paika sy lalan-tsaina*** - Asa samirery - Fandinihana hosodoko modely - Lalan-tsaina fanatanterahana ***Fitaovana*** - Hosodoko modely - Taratasy - Gouache - Borosy fandokoana

Tombana
- Mampiasa ny karazana tsipika sy kalitaon'ny tsipika amin'ny hosodoko izay ataony ny mpianatra.
- Manao hosodoko miainga amin'ny karazana sary ny mpianatra.

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Mampihatra loko mafana sy mangatsiaka amin'ny hosodoko	● Karazana loko - Loko mafana (ibahanan'ny fampiasana ny loko mena sy ny loko mavo) - Loko mangatsiaka (ibahanan'ny fampiasana ny loko manga) ● Fampiasana lafika - Taratasy - Lamba - Rindrina - Labasy - Toiles	***Sahanasa*** Tarihina ny mpianatra : - hanomana fitaovana hanaovana hosodoko - hanao angon-kevitra amin'ny hosodoko tiana hatao - handinika ny hosodoko modely - hanao hosodoko araka ny modely - hampiasa ny ny karazana loko amin'ny fanatanterahana ny hosodoko - hamantatra ireo karazana lafika afaka ampiasaina - hanatanteraka ny hosodoko eo ambonin'ireo karazana lafika araka ny tokony ho izy ***Tetika amam-paika sy lalan-tsaina*** - Asa samirery - Lalan-tsaina fanatanterahana ***Fitaovana*** - Hosodoko modely - Ravin-taratasy - Gouache - Loko rano aingany - Borosy handokoana na « pinceau »
Tombana Manatanteraka hosodoko mampiasa loko mafana sy mangatsiaka ary lafika araka ny tokony ho izy ny mpianatra.		

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Mamorona hosodoko ampiharana ny loko mafana sy mangatsiaka	● Famoronana hosodoko	***Sahanasa*** Tarihina ny mpianatra : - homana fitaovana hanaovana hosodoko - hisafidy ny hosodoko hotanterahina - hanao angonkevitra amin'ny hosodoko tiana hatao - hanao hosodoko ka hanaja ny fampiasana ny karazana loko - hanaja ny fampiasana ny kalitaon'ny tsipika - hanatanteraka ny hosodoko eo ambonin'ireo karazana lafika araka ny tokony ho izy ***Tetika amam-paika sy lalan-tsaina*** - Asa samirery - Lalantsaina famoronana ***Fitaovana*** - Ravintaratasy - Gouache - Loko rano aingany - Borosy handokoana na « pinceau »

Tombana
Mamorona hosodoko ampiharana ny loko mafana sy mangatsiaka ny mpianatra.

SOKITRA

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Mampiasa ny akora sy fitaovana fototra amin'ny sokitra	● Akora fototra amin'ny sokitra - Tanimanga - Fetambolavola « pâte à modeler » - Hazo - Vato - Lamba - … ● Teknika takiana amin'ny sokitra - Fanaovana mozirina «patron» - Famolavolana - Fanakambanana - Fisokirana - Fandrefesana - Fanapatapahana - …	***Sahanasa*** Tarihina ny mpianatra : - hanomana ny fitaovana sy ny akora hoentina manao ny sokitra - hamanatra ny akora fototra izay misy eo antoerana - hamaritra ny sokitra tiana hatao. Ohatra : sokitra vita amin'ny tanimanga, zaitra, rary, sns - handinika ny sokitra modely - hamerina hanao ilay sokitra araka ny fahaizany azy - hanaja ny teknika takiana amin'ny sokitra - hampiasa ny akora sy fitaovana fototra araka ny tokony ho izy - hampifamadika ny sanganasany amin'ny an'ny namany - hanatsara ny sokitra nataony araka ny toromarika ***Tetika amam-paika sy lalan-tsaina*** - Fandinihana sanganasa - Asa samirery - Asantarika - Fanarahana modely - Lalantsaina fanatanterahana - Lalantsaina fampitana hafatra ***Fitaovana*** - Sokitra modely - Tanimanga - Fotaka - Fetambolabola - Hazo - Vato - Lamba, kofehy, tady, metatra, hety, sns

Tombana
- Mampihatra ny teknika takiana amin'ny fanaovana sokitra ny mpianatra.
- Mampiasa ny akora fototra amin'ny sokitra araka ny tokony ho izy mpianatra.

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Mamorona sokitra miainga amin'ny karazana sokitra	● Karazana sokitra - Sokitra alain-tahaka - Sokitra maneho endrin-javatra noeritreretina na nofinofisina - Sokitra manaraka lohahevitra (ny natiora, ny biby, …) ● Famoronana sokitra	***Sahanasa*** Tarihina ny mpianatra : - hanomana ny fitaovana sy ny akora hoentina manao ny sokitra - hamantatra ny karazana sokitra - hisafidy ny sanganasa tiana hatao - hanao angonkevitra amin'ny sokitra hotanterahana - handinika ny sokitra modely - hamorona sokitra avy amin'ny modely nosafidiana - hanaja ny teknika takiana amin'ny sokitra - hampiasa ny akora sy fitaovana fototra araka ny tokony ho izy ***Tetika amam-paika sy lalan-tsaina*** - Fandinihana sanganasa - Asa samirery - Asantarika - Fanarahana modely - Lalantsaina famoronana ***Fitaovana*** - Sokitra modely - Tanimanga - Fotaka - Fetambolabola - Hazo - Vato - Lamba, kofehy, tady, metatra, hety, sns
Tombana Mamorona sokitra avy amin'ny fampiasana karazana sokitra ny mpianatra		

MOZIKA

Fahendrena voizina : fahatokisan-tena, fisokafana amin'ny hafa ary faharetana
Faharetany : 7 ora

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Mitrandraka ny feo vokarina avy amin'ny zavamaneno	● Feo vokarina avy amin'ny karazana zavamaneno - Kasohina - Tendrena - Velesina na dobohana - Akorintsana - Tsofina ● Lanto-peo - Miakatra « crescendo » - Midina « decrescendo »	***Sahanasa*** Tarihina ny mpianatra : - hihaino hira iray - hamaritra ny karazana zavamaneno nampiasaina tamin'ilay hira - hanavaka ny zavamaneno araka ny karazany - hisafidy ny zavamaneno tiana hovokarina ny feony - hamerina ilay hira ka hamoaka ny feony araka ny zavamaneno nosafidiana - hanaja ny rindran'ilay hira rehefa mamoaka ny feon'ny zavamaneno - hanaja ny toepeo rehefa mamoaka ny feon'ny zavamaneno - hampihatra ny fanajana ny lantom-peo rehefa mihira

		Tetika amam-paika sy lalan-tsaina - Fihainoana hira - Lalantsaina fanatanterahana - Lalantsaina famakafakana sy fandinihana - Asa antarika ***Fitaovana*** - Hira - Radio - Finday - Radio carte
Tombana ● Mikaroka ny feo vokarin'ny karazana zavamaneno ny mpianatra. ● Manaja ny lantom-peo rehefa mihira ny mpianatra.		

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Mamerina « Cellule rythmique » avy amin'ny feo na zavamaneno	● Cellule rythmique - Fampiasana feo - Fampiasana feo miaraka amin'ny fihetsika - Fampiasana ny fihetsika ihany	***Sahanasa*** Tarihina ny mpianatra : - hamantantra ny atao hoe « cellule rythmique » - hiaino hira iray - handinika ny « cellule rythmique » nampiasaina tamin'ilay hira - hamaritra ny « cellule rythmique » araka ny firafitry ny hira - hanaja ny toe-peo, gadona rehefa mihira ***Tetika amam-paika sy lalan-tsaina*** - Fandinihana hira - Lalan-tsaina famakafakana sy fandinihana - Asa an-tarika ***Fitaovana*** - Hira - Radio carte - Finday
Tombana Mikaroka ny « cellule rythmique » amin' ny mozika ny mpianatra		

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Mampihatra ny foto-kevitry ny faharetana amin'ny mozika	● Faharetan'ny feo - Fohy - Lava na maharitra	***Sahanasa*** Tarihina ny mpianatra : - hamantatra ny atao hoe fotokevitry ny faharetana amin'ny mozika - hihaino hira iray - hamaritra ny faharetan'ny feo araka ny firafitr'ilay hira - hamerina ilay hira ka hanaja ny fampiasana ny faharetan'ny feo - hanaraka tsara ny paika sy gadona rehefa mihira - hampiasa izay rehetra afaka mamoaka feo amin'ny famerenana ny hira sy rehefa manaraka ny gadona

		Tetika amam-paika sy lalan-tsaina - Fihainoana hira - Asa iombonana ao andakilasy - Lalan-tsaina fanatanterahana ***Fitaovana*** - Hira - Tanana - Tongotra - Tratra - Vava - Molotra - Lela
Tombana ● Manisa ny paika ny mpianatra. ● Mamokatra feo ka mampihatra ny foto-kevitry ny faharetana amin'ny mozika ny mpianatra.		

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Mamorona rindra tsotra	● Paika 4/4 ● Paika 3/4 ● Paika 6/8 ● Gadona - Milamina - Milamindamina - Mihetsika - Mihetsiketsika	***Sahanasa*** Tarihina ny mpianatra : - hihaino hira misy paika 8 - hanaraka ny gadona sy paika amin'ny alalan'ny tehaka sy fanagadonana ny tongotra - hamaritra ny rindra nanatontosana ilay hira - hamerina ny rindra henony amin'ny tehaka na feo - hizatra ny fampiasana ny paika 4/4, 3/4, 6/8 - hamorona hira misy rindra mazava tsara avy amin'ny hira modely manana paika 4/4, 3/4, 6/8 - haneho izay noforonony eo anatrehan'ny namany - hifanakalo hevitra sy hifanitsy araka ny toetran'ny rindra ***Tetika amam-paika sy lalan-tsaina*** - Fihainoana hira modely - Asa samirery - Asan-tarika - Lalan-tsaina fanatanterahana - Lalan-tsaina famoronana - Lalan-tsaina fampitana hafatra ***Fitaovana*** - Hira iray mitrandraka ny paika 4/4, 3/4, 6/8 - Radio carte - Finday - Tanana - Tongotra - Tratra - …
Tombana ● Mitrandraka hira misy paika 4/4, paika 3/4, paika 6/8 ny mpianatra. ● Mamorona hira misy rindra tsara ny mpianatra.		

Fahendrena voizina : fiaraha-miaina mirindra, fanajana ny hafa
Faharetany : 7 ora

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Manatanteraka hetsika ka mifehy ny habaka sy ny rindra	● Toerana eny amin'ny habaka - Akaiky - Lavitra - Mifanila ● Gadona - Milamina - Mihetsika	***Sahanasa*** Tarihina ny mpianatra : - hanomana ny habaka hanatanterahana ny hetsika - handinika dihy iray - hamerina ny hetsika notanterahina - hanomana ny rindra ampifandraisina amin'ny hetsika - hampifanaraka ny hetsika amin'ny rindra ***Tetika amam-paika sy lalan-tsaina*** - Asan-tarika - Lalan-tsaina fanatanterahana ***Fitaovana*** Habaka
Tombana Mifehy ny habaka sy rindra amin'ny fanatanterahana hetsika ny mpianatra.		

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Mandihy amin'ny hetsika mifandrindra sy mitohy	● Hetsika mifandrindra - Dihy mifanjohy - Dihy mifanila - Lalana hizoran'ny dihy : mahitsy	***Sahanasa*** Tarihina ny mpianatra : - hanomana ny habaka hanatanterahana ny dihy - hijery ny fomba fandihizana amina sanganasa iray - hamantatra ny atao hetsika mifandrindra - hamaritra ny hetsika mifandrindra tamin'ilay dihy - hamerina ny dihy araka ny fahaizany azy - hiara-handihy ka hanaja ny firindran'ny hetsika sy ny lalana tokony hizorana - hanaraka tsara ny gadon-kira rehefa mandihy ***Tetika amam-paika sy lalan-tsaina*** - Fanarahana dihy modely - Asan-tarika - Lalan-tsaina fanatanterahana ***Fitaovana*** - Dihy modely - Habaka
Tombana Mandihy ka manaja hatrany ny lalana tokony hizorana, ny gadona ary ny rindra ny mpianatra.		

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Mamorona dihy miainga amin'ny hetsika mifandrindra	● Famoronana dihy avy amin'ny hetsika mifandrindra ● Faritry ny vatana ampiasaina amin'ny dihy - Loha - Soroka - Tratra - Sandry - Valahana - Ranjo - Lohalika - Tongotra	***Sahanasa*** Tarihina ny mpianatra : - hanomana ny habaka - hanatanterahana ny dihy - handinika dihy modely iray ahitana hetsika mifandrindra - hamaritra ny hetsika mifandrindra ampiasaina - hamaritra ny faritry ny vatana miasa - hamerina ilay dihy modely ka hanaja ny rindra, gadona ary ny lalana izorana - hamorona dihy tsotra miainga amin'ireo hetsika tsotra - hanaraka hatrany ny rindra, gadona, lalana izorana amin'ny dihy izay atao ***Tetika amam-paika sy lalan-tsaina*** - Fandinihana dihy modely - Asa samirery - Asan-tarika na vondrona - Lalan-tsaina fWanatanterahana - Lalan-tsaina famoronana ***Fitaovana*** - Dihy modely - Habaka
Tombana ● Mampihatra ny hetsika mifandrindra amin'ny dihy ny mpianatra ● Mampiasa ny habaka, gadona, rindra, lalana izorana ary ny faritry ny vatana amin'ny dihy izay foroniny ny mpianatra.		

FISEHARANA

Fahendrena voizina : fikirizana, fiaraha-miaina mirindra

Faharetany : 7 ora

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Mampihatra ny fahaiza-manao amin'ny fiseharana sy ny fiaraha-miasa an-tsehatra	● Lalao firindrana sy fiaraha-miasa amin'ny vondrona ● Fanehoana fihetsem-po sarotra - Tahotra - Hatairana - Fifaliana - Fitaintainana	***Sahanasa*** Tarihina ny mpianatra : - hanomana ny habaka handamina ny vondrona - hanao lalao firindrana mba hampifanaraka ny fihetsika sy hanamafisana ny fiaraha-miasa (Ohatra: mihetsika miaraka amin'ny gadona iray, na manaraka mpitarika) - hampihatra fihetsika mitovy amin'ny vondrona mba hifehezana ny firindrana sy ny fifandraisana an-tsehatra - hikaroka sy haneho fihetsem-po tsotra, avy eo miakatra amin'ny fihetsem-po sarotra - hampifandray ny fihetsika sy ny feo amin'ny fanehoana ireo fihetsem-po

		- hanao seho fohy tsy nasiam-piomanana anaty vondrona, mampiseho fihetsem-po iray na maromaro amin'ny toe-javatra tsotra - hifanome torohevitra momba ny firindrana, fahatsapana ny fihetseham-po ary fiaraha-miasa - hanatsara ny fampisehoana araka ny fanamarihana azo ***Tetika amam-paika sy lalan-tsaina*** - Asan-tarika : 2-4-8 - Fampiasana sahanasa miandrika lalao - Lalan-tsaina fanatanterahana ***Fitaovana*** - Habaka - Sehatra
Tombana Maneho an-tsehatra amin'ny alalan'ny filalaovana ny endrika sy ny fihetsika ny mpianatra.		

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
